« Noho ny habetsahan'ny faharatsiana, hihamangatsiaka ny fitiavana amam-piantran'ny ankamaroan'ny olona »

Ry Rahalahy sy Anabavy malala,

Tonga hatra aty amintsika indray mandeha ihany koa ny Pakan'ny Tompo ! Sitrak'Andriamanitra amin'ny fandaharam-pitiavany ny manolotra antsika ny fotoanan'ny Karemy hiomanantsika amin'izany isan-taona. Fotoana « hamantarana mivaingana ho azo tsapain-tànana ny fibebahantsika », sady manambara no manome feteza-miverina amin'ny Tompo amin'ny fontsika sy ny fiainantsika manontolo.

Koa amin'ity taona ity indray àry, amin'ny alalan'ity hafatra ity no hanentanako ny Eglizy manontolo mba hiaina ity fotoam-pahasoavana ity amim-pahamarinana sy an-kafaliana tokoa ; ka ny tenin'i Jesoa ao amin'ny Evanjelin'i Matio no manosik'ahy amin'izany : « Noho ny habetsahan'ny faharatsiana, hihamangatsiaka ny fitiavana amam-piantran'ny ankamaroan'ny olona » (24, 12). Andininy iray anatin'ny fampianarana momba ny any am-parany any nataony tao Jerosalema, teny amin'ny Tendrombohitr'Oliva, teo amin'ny toerana nanombohan'ny Fijalian'ny Tompo indrindra. Tamin'ny valinteny nataon'ny tamin'ny anankiray tamin'ny mpianany no nanambaran'i Jesoa ny tranga lehibe mahatahotra, dia notanisainy ny mety hanjo ny ankohonan'ny mpino : eo anatrehan'ny tranga maharary, manararaotra ny mpaminany sandoka sasany ka mahafitaka olona maro, sy manaisotra ao am-pon'ireo ny fitiavanamana izay fototry ny Evanjely manontolo.

Ireo mpaminany sandoka :

Dinihontsika tsara io an-dalany io ary aoka isika hanontany tena hoe : amin'ny endrika ahoana avy no fisehon'ireo mpaminany sandoka ireo ?

« Fatra-pandokandoka toy ny bibilava » izy ireo, mahay manararaotra ny fihetseham-pon'olona mba hisintomana azy arak'izay tiany sy hanandevozana azy. Firifiry tokoa moa ny zanak'Andriamanitra no sodokan'ny hafinaretana mandalo izay heveriny ho hasambarana. Firy ny olona, lehilahy sy vehivavy, no hajambain'ny vola manodoka ka andevozin'ny fanararaotana sy ny fitadiavan-tombotsoa mitsinkafina ! Firifiry ny olona mihevitra ho mahavita-tena nefa latsaka amin'ny fiolonolonana samirery mamohehatra !

Ny mpaminany sandoka sasany kosa « mpamitaka » tsotr'izao, milaza ho afa-manolotra vahaolana tsotra, eo no ho eo, manoloana ny fijaliana isankarazany mpahazo, nefa hita be izao fa tsy mahomby velively : toy izany ny fanafody tsy izy arosony ho fanasitranana amin'ny rongony, ny fifandraisana tandrametaka, ny fampanànana mora vita nefa amin'ny fomba ratsy ! Firifiry koa ny tafidoroboka amin'ny nofinofim-piainana tsy ahitana olam-pifandraisana firy nefa indrisy mitsingevaheva tsy amin'antony. Ireo « mpisoloky » ireo izay manolotra zavatra tsisy lanjany akory dia misakana kosa ny fandraisana ny tena sarobidy : ny fahamendrehana, ny fahafahana, sy ny feteza-mitia. Ny fitaky ny zava-poana no mitondra antsika ho tia sehoseho… ka lasa fihomehezana ; sarotra tafarina izay efa natao ho

fihomehezana. Tsy mahagaga izany : hatrizay anie i Satana izay « mpandainga sy rain'ny lainga » (Jn 8, 44) no efa nampitsimbadika ny ratsy ho tsara, ny diso ho marina, mba hanakorontanana ny fon'ny olona. Aoka ny tsirairay hamantatra ny aty fony sy handinika raha mba voarahon'ny laingan'ireo mpaminany sandoka izy. Aoka mba hianatra ny tsy hizatra ny samiaraka, ny mitsingevaheva, fa mba hamantatra izay tsara sy maharitra manamarika antsika satria avy amin'Andriamanitra ary manasoa antsika marina tokoa.

Ny fo mangatsiaka

Amin'ny filazalazany momba ny afobe, demony mipetraka ambony vongan-dranomandry no saintsainin'i Dante Alighieri ; mitoetra anatin'ny hatsiakan'ny fitiavana voakenda izy. Aoka isika hanontany tena hoe : amin'ny fomba ahoana no nampangatsiaka ny fiantrana ao anatintsika ? Inona avy ireo famantarana milaza amintsika fa mety ho faty amintsika ao ny fitiavana ?

Ny mahafaty ny fiantrana voalohany indrindra dia ny fitiavam-bola diso tafahoatra, « fototry ny ratsy rehetra » (1Tim 6, 10) ; ny tsy filana an'Andriamanitra manarak'azy sy ny tsy fiekena ahita ao aminy fanalana alahelo ; aleony mitanondrika hakiviana toy izay hankeherezin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny Sakramentany. Izany rehetra izany dia miova ho herisetra miantraika amin'izay mety manohintohina ny « marina ifaharantsika » : ny zaza hateraka, ny antitra marary, ny sendra mandalo, ny vahiny, ary koa ny namana tsy azoazontsika.

Ny voaary avy koa dia vavolombelona tsy an-kiteny ny amin'ny fangatsiahan'ny fiantrana : ny tany voapoizin'ireo loto nariana fahatany na noho ny tsy firaharahana na noho ny fitadiavan-tombony ; ny ranomasina, voaloto koa sy voatery mitelina ny fatin'ny mpitsoaponenana tsy fidiny maro ; ny habakabaka, izay voalahatr'Andriamanitra hihira ny voninahiny dia lasa fivezivezen'ireo hery mpandraraka fitaovam-pamonoana.

Mihamangatsiaka ihany koa ny fifankatiavana eo amin'ireo ankohonam-piainantsika (communautés). Ao amin'ny Hafapanentanana Apôstôlika (Exhortation Apostolique) *Evangelii Gaudium*, (Ny hafalian'ny Evanjely) no niezahako namisavisa ny hamantarana izany fahabangan'ny fitiavana izany. Ireto avy : ny ziogan'ny fitiavan-tena, ny tsy fahitana afa-tsy ny lafy ratsin-javatra tsy mankaiza, ny fakam-panahy hisintaka sy hitono tena hirotsaka amin'ny ady saritaka tsisy farany, ny toe-tsaina mirefarefa amin'ny tany manosika hikatsaka ny ety ivelany fotsiny izay mampihena ny risi-po misionera.

Inona ny hatao ?

Raha tsapantsika ao amintsika sy ao amin'ny manodidina antsika ireo famantarana vao notanisaina teo, fantaro fa ny Eglizy, renintsika sady mpanabe antsika, no manolotra antsika mandritra izao fotoanan'ny Karemy izao, fanafody mety ho mangidy noho ny fitandroana ny marina, saingy fanafody mamy dia ny fivavahana, ny asa fiantrana, ny fifandian-kanina.

Afaka mamaky bantsilana ireo lainga miafina ao am-pontsika izay mahatonga atsika hamita-tena isika, ka hikatsaka ny fanalana alahelo ao amin'Andriamanitra, raha manokana fotoana misimisy amin'ny vavaka. Raintsika Izy ary te-hanome antsika fiainana.

Ny fanaovana asa fiantrana manafaka amin'ny fahihirana sy manampy hamantatra fa ny hafa dia rahalahiko : ny zavatra hananako dia tsy ahy samirery. Iriko dia iriko ho an'ny rehetra ny ahatonga fomba fiainana marina tokoa ny fanaovana fiantrana. Tiako ny hanarahantsika, amin'ny maha-Kristianina antsika, ny ohatra nasehon'ireo Apôstôly sy ny hanekentsika fa ny fahafahana mizara ny hananantsika amin'ny hafa dia tena vavolombelon'ny fiombonana iainantsika ao amin'ny Eglizy. Ka amin'izany indrindra no handraisako koa ny fanentana nataon'i Paoly raha nanoratra tamin'ireo Kôrintianina momba ny rakitra nangonina ho an'ny ankohonam-piainana tao Jerosalema : « Mety ho anareo izany » (2 Kor 8, 10). Misy akony manokana izany amin'izao vanim-potoanan'ny Karemy izao, fotoana ihany koa hanangonan'ny vondrona maro fanangonam-panampiana ho an'ny Eglizy sy ny mponina rehetra anaty fahasahiranana. Tiako tokoa raha amin'ny fifandraisana andavanandro koa, anatrehan'ny rahalahy mangataka fanampiana, no ahatsapantsika fa eo indrindra ny antsom-pandaharan'Andriamanitra : rehefa fiantrana dia efa sehatra hiaraha-miasa amin'ny Fandaharam-pitiavan'Andriamanitra ho an'ny zanany ; raha izaho no hampiasainy hanampy rahalahy iray androany, nahoana moa ny tsy hiahiany ny ilaiko rehetra rahampitso, izy izay tsy sasatra amin'ny fahafoizana.

Ary farany, ny fifadian-kanina dia mampihena ny tanjaky ny herisetrantsika, afaka manafoan-tànana atsika izy ka tonga fanararaotra goavana amin'ny fitomboantsika. Etsy an-daniny, manampy antsika hizaka ny manjo ireo tsy mba manana eny fa na dia ny kely tsy maintsy ilaina fotsiny sy ireo miaina isan'andro ny hirifirin'ny hanohanana ; etsy ankilany, manambara ny toe-panahintsika izay liana hatsarana sy mangetaheta ny fiainan'Andriamanitra. Mamohafoha antsika ny fifadian-kanina, mampitodika antsika akaiky amin'Andriamanitra sy ny namana, mamoha ny herim-po hanaiky an'Andriamanitra, hany mamoky antsika.

Iriko hihoatra ny fiferan'ny Eglizy Katôlika, ka ho tonga aminareo rehetra, lehilahy sy vehivavy tsara sitrapo, vonon-kihaino an'Andriamanitra ny feoko. Raha mba tahaka anay koa ianareo, marary fo mahita ny firongatry ny haratsiana eto amin'izao tontolo izao, raha miasa loha amin'ny fangatsiahana mampalemy ny fo sy ny asa, raha tsapanareo ny fihenan'ny fiheverana ny maha-olona ho tsy mivaky, ndao hiarak'aminay hiantso an'Andriamanitra, hiaraka hifady hanina dia hiaraka aminay hanome izay azonareo hanampiana ireo rahalahintsika.

Ny afon'ny Paka

Entaniko manokana ny zanaky ny Eglizy hivelona an-jotom-po ny karemy amin'ny fanaovana fiantrana, fifadian-kanina, fivavahana. Raha tany ka tsapantsika ho toa mihamaty ny fanaovana asa fiantrana ao amin'ny fo maro, tsy mba toy izany ny ao amin'ny fon'Andriamanitra. Tolorany sehatra vaovao mandrakariva isika ahafantsika mitia indray.

Ny fanaovana ny « 24 ora ho an'ny Tompo », fanasana antsika hankalaza ny sakramenta Fampihavanana mandritra ny fitsaohana ny Sakramenta masina, dia mbola fotoana tsara ihany koa amin'ity taona ity. Amin'ny 2018, ny zoma 9 sy sabotsy 10 mars no hanaovana azy, miainga amin'ny tenin'ny Salamo 130 : « Ao aminao ny famelan-keloka » (*Ps* 130, 4). Any amin'ny diosezy rehetra dia aoka hisy faraharatsiny eglizy iray hisokatra mandritra ny 24 ora, ahafahana manao fitsaohana sakramenta masina sy ny sakramentan'ny kônfesy.

Mandritra ny alin'ny Paka, hiaraka hanao ny fomba fanao amin'ny jiron'ny Paka isika : hamiratra hazavana ny « afo vao », hazavana hampisinda tsikelikely ny haizina ary hanazava ny vahoaka avondron'ny litorjia. « Aoka ny hazavan'i Kristy, nitsangana am-boninahitra, hampisinda ny haizin'ny fo amam-panahintsika » mba ahafahantsika rehetra mivelona ny nataon'ny mpianatra tany Emaosy : mihaino ny tenin'ny Tompo sy mivelona ny Eokaristia ka ahatonga ny fontsika arehidrehitry ny finoana, ny fanantenana, ny fitiava-namana.

Mitsodrano anareo amin'ny foko tokoa aho sady mivavaka ho anareo. Aza adino ny mivavaka ho ahy.

Natao tao Vatican, 1° novambra 2017

Fankalazana manetriketrika ny fetin'ny Olomasina rehetra